Fanambaram-pinoana FPMA
(Profession de foi)

NY FPMA dia

1. Mino an'Andriamanitra Ray, Jesoa Kristy Zanany, ary ny Fanahy Masina
Croit en Dieu le Père, en son Fils Jésus Christ et en l'Esprit Saint.

2. Mino sy manaiky fa Jesoa Kristy no Tompo, Andriamanitra ary hany Mpamonjy tokana izao tontolo izao.
Croit et reconnaît que Jésus Christ est Seigneur, Dieu et unique Sauveur du monde.

3. Mino sy manaiky fa ny Filazantsara dia Herin'Andriamanitra ho famonjena izay rehetra mino.
Croit et reconnaît que l'Evangile est la Puissance de Dieu pour le Salut de tous les croyants.

4. Manaiky sy mampianatra ny mpikambana ao aminy fa ny Tenin'Andriamanitra, voarakitra ao amin'ny Soratra Masina, Fanekempihavanana taloha sy Fanekempihavanana vaovao, no loharano sy fitsipika anankinany ny finoany, ny fiainany, ny fotopinoany sy ny asany.

Reconnaît et enseigne à ses membres que la Parole de Dieu, contenue dans les Saintes Ecritures, Ancien Testament et Nouveau Testament, constitue pour elle la source et la règle sur lesquelles s'appuient sa foi, sa vie, sa doctrine et ses oeuvres.

5. Manaiky ary mandray ho an'ny tenany ny Fiekem-pinoana iombonan'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao (Fiekem-pinoana ekiomenika), dia ny Fiekem-pinoana apostolika, ny Fikem-pinoana tany Nisea ary ny Fiekem-pinoan'i Athanase.

Reconnaît et adopte la Confession de foi commune à l'Église Universelle (Symboles Œcuméniques) que sont le Symbole des Apôtres, le Symbole de Nicée et le Symbole d'Athanase

6. Mankato sy mandray ny famoahan-kevitry ny Filazantsara araka ny soratra navelan'ireo Mpanitsy Fivavahana, indrindra fa ny Confession de foi d'Augsbourg invariata sy ny Confession de foi de La Rochelle.

Approuve et adopte l'interprétation de l'Évangile selon les écrits des réformateurs, notamment la Confession de foi d'Augsbourg invariata et le Confession de foi de La Rochelle.